MINISTÈRE DE L'ÉCONOMIE ET DES FINANCES

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

PNUD

# RINDRA

## Fanamafisana ny fifampitondrana eto Madagasikara

msis tatao
tohana sy ainga ho an'ny tambazotran'ny olompirenena

**Ametrahana mpitarika**

**Tomponandraikitra eo amin'ny fiarahamonina**

**mitondra amin'ny fampandrosoana maharitra**




## TANTSOROKA ho an'ny FIKAMBANANA eny IFOTONY

- Fampitana sy fifampizarana vaovao ara-potoana
- Fanetsehana ireo fikambanana avy amin'ny firaisamonim-pirenena eny ifotony
- Fifampizarana fahaiza-manao sy traikefa
- Fanamafisana orina ireo sehatra fampandraisana andraikitra eny ifotony
- Fametrahana sy fanamafisana sehatra fiarovana ny mpiaro ny zon'olombelona sy mpisintona lakolosy
- Fanabeazana ny olompirenena amin'ny fandraisana andraikitra amin'ny fitantanana ny fiainam-pirenena
- Fitarihana sy fanantanterahana haitaky iombonana
- Fandresen-dahatra ireo mpiantsehatra rehetra hampihatra ny fifampitondrana ifarimbonana sy mampiaty
- Tombana ny fitantanana eny ifotony (tetibola sy ireo famatsiambola ho an'ny kaominina sy ny fahasalamana ary ny fanabeazana fototra

## Faritra iasàn'ny fandaharanasa RINDRA

Kaominina 100 ambonivohitra sy ambanivohitra amin'ny faritra SAVA, Analanjirofo, Atsinanana, Analamanga ary Menabe no hisitraka ny fandaharanasa RINDRA. Sekolim-panjakana Ambaratonga Faharoa Fototra 200 ao amin'ireo kaominina ireo no ampiharana avy hatrany ny fanatsaràna/fanamafisana ny Fanabeazana maha-olompirenena vanona.




msis tatao
tohana sy ainga ho an'ny tambazotran'ny olompirenena

Biraon'ny Firaisamonim-pirenena - ROHY (Ex-Bâtiment CITE)
Lalana Rahamefy, Ambatonakanga
Antananarivo 101,
Tel : +261 34 45 484 77
e-mail : msistatao.rindra@gmail.com
web: msis-tatao.org
Fb: @MsisTatao

**RINDRA - Fanamafisana ny Fifampitondrana eto Madagasikara**, dia fandaharanasa novolavolaina sy tanterahan'ny Fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana ho an'ny Fampandrosoana (PNUD) miaraka amin'ny fikambanana MSIS-tatao, ary vatsian'ny vahoaka amerikana amin'ny alalan'ny Sampan-draharaha Amerikana ho an'ny Fampandrosoana (USAID) vola, ary maharitra 5 taona.

Ao anatin'ny teny filamatra *"manandratra olompirenena hisitraka ny andraikiny"*, no iantseharan'ny MSIS-tatao ao anatin'io fandaharanasa RINDRA io izay sehatra sy fanararaotra hanamafisana ny fandraisana andraikitry ny olompirenena sy firaisamonim-pirenena amin'ny fiainam-pirenena mba hamaly ny tena filàn'ny vahoaka.

Fanamby apetraky ny MSIS-tatao
ao anatin'ny fandaharanasa RINDRA

## Manamafy ny fandraisana andraikitry ny olompirenena sy ny firaisamonim-pirenena amin'ny fametrahana fitondrana tsara tantana mitondra amin'ny fampandrosoana maharitra



### Manamafy ny fandraisana andraikitry ny olompirenena sy ny firaisamonim-pirenena amin'ny fanatsarana ny mangarahara sy tamberinandraikitra amin'ny fitantanana ny hoenti-manana amin'ny fampandrosoana eny anivon'ny fitondrana foibe ka hatreny ifotony, indrindra ny famolavolana, fanatanterahana sy fanarahamaso ny tetibolam-bahoaka

- Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny tanora amin'ny famakafakana ny tetibolam-bahoaka
- Adihevitra sy fikaonan-doha eo amin'ny mpisehatra samihafa (fitondram-panjakàna, firaisamonim-pirenena, mpianatra ambaratonga ambony, mpiara-miombon'antoka)
- Fanaovana tombana ny fangaraharana sy ny tamberinandraikitra amin'ny fitantanana ny tetibola eny anivon'ny kaominina, ny sehatry ny fahasalamana sy ny fanabeazana
- Fanaovana tombana ny fitantanana ny famatsiam-bola eny anivon'ny kaominina,
- Fanamafisana ny fandraisana anjaran'ny olompirenena amin'ireo rafitra fikaonandoha eny ifotony eny anivon'ny kaominina (RIF/SLC) sy eny anivon'ny sekoly (FEFFI)
- Fametrahana sehatra sy lamina hitarainana sy hitorohana ireo fomba mamohetra sy fanitsakitsahana zon'olombelona ary hiarovana ny mpisintona lakolosy sy ny mpiaro ny zon'olombelona.

### Mampitombo sy manamafy ny fitarihan'ny vondron'olona marefo, indrindra ireo olona mitondra fahasembanana

- Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny firaisamonim-pirenena sy ireo tomponandraikitry ny sehatra fikaonandoha eny ifotony mahakasika ny fitantanana mampandray anjara ny rehetra sy mampiaty

### Manamafy ny fanabeazana maha-olompirenena vanona eny anivon'ny Sekoly Fanabeazana Fototra Ambaratonga faharoa (CEG) mba ahazoana tanora mandray andraikitra avy hatrany amin'ny fampandrosoana

- Tantsoroka ho an'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena amin'ny fanamafisana/fanatsaràna ny Fanabeazana Olompirenena Vanona
- Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpanabe eny anivon'ny sekoly
- Tantsoroka amin'ny famolavolàna sy fanatanterahana tetikasa ho an'ireo mpianatra sy mpampianatra isaky ny sekoly
- Fifaninanana tetikasa sekoly mendrika indrindra eny anivon'ny distrika, faritra sy nasionaly.

